



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**NY FIANDOHAN'NY FILAZANTSARA ARAKA AN'I MARKA
LE DEBUT DE L'EVANGILE SELON MARC**

Talata 26 janoary 2021
Mardi 26 janoary 2021

**IREO FANOHERANA VOALOHANY AN'I JESOSY
- LES PREMIERE CONTESTATIONS**

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

Ary i Jesosy, nony nahita ny finoan'ireo, dia nanao tamin'ilay mararin'ny paralyisa hoe :
« Anaka, voavela ny helokao » - *Voyant leur foi, Jésus dit au paralysé : « Mon enfant, tes péchés te sont pardonnés »* (Mat. 2, 5).

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) 1, 1 sy (et) 5 : Andriananahary, Masina indrindra :

1. Andriananahary masina indrindra,
Ny anjelinao izay mitoetra Aminao
Mifamaly hoe : Masina indrindra
Andriananahary, Telo Izay Iray.
5. Andriananahary masina indrindra,
Izahay mpanomponao ta-hankalaza Anao :
Feno fahendrena, feno fiantrana,
Andriananahary, Telo Izay Iray.

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Mar. 2, 1-12 + Mar. 2, 23-28 + Mar. 3, 1-12 :

Mar. 2, 1-12 :

1 Ary nony niditra tao Kapernaomy indray Izy, rehefa afaka andro vitsivitsy, dia re fa tao an-trano Izy, 2 ka dia tafangona ny maro ka tsy nisy hitoerana intsony, na dia teny anoloan'ny varavarana aza, ary Izy nitory ny Teny taminy.

1 Quelques jours après, Jésus revint à Capernaüm. On apprit qu'il était à la maison, 2 et un si grand nombre de personnes se rassemblèrent qu'il n'y avait plus de place, pas même devant la porte. Il leur annonçait la Parole.

3 Ary nisy nanatona nitondra ny anankiray mararin'ny paralyisa ho eo aminy, izay nolanjain'efa-dahy. 4 Ary satria tsy afaka nanakaiky Azy izy noho ny habetsahan'ny vahoaka, dia nanesorany ny tafon'ny trano nitoeran'i Jesosy, ka nony efa voasokatra, dia nampidininy teo ny fandriana izay nandrian'ilay nararin'ny paralyisa. 5 Ary i Jesosy, nony nahita ny finoan'ireo, dia nanao tamin'ilay mararin'ny paralyisa hoe : « Anaka, voavela ny helokao ». 6 Ary nisy mpanora-dalàna sasany nipetraka teo ka nieritreritra tao am-pony hoe : 7 « Nahoana Ilehity no miteny toy izany ? Miteny ratsy Izy. Iza no mahavela heloka hafa tsy Iray ihany, dia Andriamanitra » ? 8 Ary niaraka tamin'izay i Jesosy dia nahalala tao am-panahiny fa nieritreritra izany tao am-pony ireo, dia hoy Izy taminy : « Nahoana ianareo no mieritreritra izany zavatra izany ao am-ponareo ? 9 Iza moa no moramora kokoa, ny manao amin'ilay mararin'ny paralyisa hoe : 'Voavela ny helokao', sa ny manao hoe : 'Mitsangàna, batao ny fandrianao, ka mandehana' ? 10 Fa mba ho fantatrareo fa ny Zanak'olona manana fahefana etỳ ambonin' ny tany hamela heloka, dia lazaiko aminao (hoy Izy tamin'ilay mararin'ny paralyisa) : 11 'Mitsangàna, batao ny fandrianao, ka modia any an-tranonao' ». 12 Dia nitsangana izy ka nibata ny fandriany niaraka tamin'izay ary niala teo anatrehan'ny olona rehetra. Dia talanjona izy rehetra ka nankalaza an'Andriamanitra nanao hoe : « Tsy mbola nahita izay toy izao izahay ».

3 On vint Lui amener un paralysé porté par quatre hommes. 4 Comme ils ne pouvaient pas L'aborder à cause de la foule, ils découvrirent le toit au-dessus de l'endroit où Il se tenait et descendirent par cette ouverture le brancard sur lequel le paralysé était couché. 5 Voyant leur foi, Jésus dit au paralysé : « Mon enfant, tes péchés te sont pardonnés ». 6 Il y avait là quelques spécialistes de la Loi qui étaient assis et qui se disaient en eux-mêmes : 7 « Pourquoi cet Homme parle-t-il ainsi ? Il blasphème. Qui peut pardonner les péchés, si ce n'est Dieu seul » ? 8 Jésus sut aussitôt dans son Esprit qu'ils raisonnaient ainsi en eux-mêmes, et Il leur dit : « Pourquoi raisonnez-vous ainsi dans vos cœurs ? 9 Qu'est-ce qui est le plus facile à dire au paralysé : 'Tes péchés sont pardonnés', ou : 'Lève-toi, prends ton brancard et marche' ? 10 Afin que vous sachiez que le Fils de l'homme a sur la terre le pouvoir de pardonner les péchés, 11 Je te l'ordonne - dit-il au paralysé - : 'lève-toi, prends ton brancard et retourne chez toi' ». 12 Aussitôt il se leva, prit son brancard et sortit devant tout le monde, de sorte qu'ils étaient tous très étonnés et célébraient la Gloire de Dieu en disant : « Nous n'avons jamais rien vu de pareil ».

Mar. 2, 23-28 :

23 Ary nandeha namaky ny tanimbary tamin'ny Sabata i Jesosy, ary ny mpianatra dia nanoty ny salohim-bary teny am-pandehanana. 24 Ary ny Fariseo nanao taminy hoe :

« Indro, nahoana ireo no manao izay tsy mety amin'ny Sabata » ? 25 Fa hoy Izy taminy : « Tsy mbola novakianareo va ny Teny milaza ilay nataon'i Davida, raha reraky ny hanoanana izy mbamin'izay nanaraka azy ? 26 Fa niditra tao an-Tranon'Andriamanitra tamin'ny andron'i Abiataran' mpisoronabe izy ka nihinana ny mofo aseho, izay mahadiso raha misy homana izany hafa tsy ny mpisorona ihany, ary nomeny koa izay nanaraka azy ». 27 Ary hoy Izy taminy : « Ny Sabata no natao ho an'ny olona, fa tsy ny olona ho an'ny Sabata : 28 ka dia Tompon'ny Sabata aza ny Zanak'olona ».

23 Un jour de sabbat, Jésus traversait des champs de blé. Tout en marchant, ses disciples se mirent à arracher des épis. 24 Les pharisiens lui dirent : « Regarde ! Pourquoi font-ils ce qui n'est pas permis pendant le sabbat » ? 25 Jésus leur répondit : « N'avez-vous jamais lu ce qu'a fait David, lorsqu'il a été dans le besoin et qu'il a eu faim, lui et ses compagnons ? 26 Il est entré dans la Maison de Dieu, à l'époque du grand-prêtre Abiathar, a mangé les pains consacrés qu'il n'est permis qu'aux prêtres de manger et en a même donné à ses compagnons » ! 27 Puis Il leur dit : « Le sabbat a été fait pour l'homme, et non l'homme pour le sabbat, 28 de sorte que le Fils de l'homme est le Seigneur même du sabbat ».

Mar. 3, 1-12 :

1 Ary niditra tao amin'ny synagoga indray i Jesosy : ary nisy lehilahy anankiray maty tanana teo. 2 Ary nizaha taratra Azy ny olona, na hahasitrana io amin'ny Sabata Izy, na tsia, mba hiampangany Azy. 3 Dia hoy i Jesosy tamin'ilay lehilahy maty tanana : « Mitsangàna etsy afovoany ». 4 Ary hoy koa Izy tamin'ny olona : « Inona moa no mety hatao amin'ny Sabata : ny manao soa va sa ny manao ratsy ? Ny mamonjy aina va sa ny mahafaty » ? Fa tsy nety niteny ny olona. 5 Ary nony nijerijery azy tamin'ny fahatezerana Izy sady nalahelo noho ny hamafin'ny fony, dia hoy Izy tamin-dralehilahy : « Ahinjiro ny tananao ». Dia nahinjiny ka sitrana ny tanany.

1 Jésus entra de nouveau dans la synagogue. Il s'y trouvait un homme qui avait la main paralysée. 2 Ils observaient Jésus pour voir s'il le guérirait le jour du sabbat : c'était afin de pouvoir l'accuser. 3 Jésus dit à l'homme qui avait la main paralysée : « Lève-toi, là au milieu ». 4 Puis Il leur dit : « Est-il permis, le jour du sabbat, de faire du bien ou de faire du mal, de sauver une personne ou de la tuer » ? Mais ils gardèrent le silence. 5 Alors Il promena sur eux un regard de colère et, peiné de l'endurcissement de leur cœur, Il dit à l'homme : « Tends ta main ». Il la tendit et sa main fut guérie.

6 Ary lasa nivoaka ny Fariseo, ka niaraka tamin'izay dia niray tetika tamin'ny Herodiana izy hanohitra an'i Jesosy mba hahafaty Azy.

6 Les pharisiens sortirent et tinrent aussitôt conseil avec les hérوديens sur les moyens de Le faire mourir.

7 Ary i Jesosy mbamin'ny mpianany niala teo ka nankany amin'ny ranomasina, ary nisy olona maro avy tany Galilia nanaraka Azy, ary nisy olona maro koa avy tany Jodia 8 sy Jerosalema sy Edoma sy tany an-dafin'i Jordana ary tamin'ny tany manodidina an'i Tyro sy Sidona nandre izay zavatra nataony, dia nankeo Aminy. 9 Ary Izy nilaza tamin'ny mpianany mba hanisy sambokely hiandry Azy noho ny habetsahan'ny vahoaka, fandrao mifanety Aminy ireo. 10 Fa efa nahasitrana olona maro Izy, ka dia nifanety taminy mba hanendry Azy izay rehetra nanana aretina. 11 Ary ny fanahy maloto, raha nahita Azy dia

niankohoka teo anatrehany ka niantso hoe : « Ianao no Zanak' Andriamanitra ». 12 Ary nandrara azy mafy Izy tsy hanao izay hahafantarana Azy.

7 Jésus se retira au bord du lac avec ses disciples. Une foule nombreuse Le suivit, venue de la Galilée, de la Judée, 8 de Jérusalem, de l'Idumée, de l'autre côté du Jourdain et des environs de Tyr et de Sidon : cette foule vint à Lui car elle avait appris tout ce qu'Il faisait. 9 Il dit à ses disciples de tenir toujours à sa disposition une petite barque afin de ne pas être écrasé par la foule. 10 En effet, comme Il guérissait beaucoup de gens, tous ceux qui avaient des maladies se jetaient sur Lui pour Le toucher. 11 Les esprits impurs, quand ils le voyaient, se prosternaient devant Lui et s'écriaient : «Tu es le Fils de Dieu ». 12 Mais Il leur recommandait très sévèrement de ne pas Le faire connaître.

Fanamarihana 1 – Remarques 1 : Ireo fanoherana ny maha-lzy Azy an'i Jesosy sy izay ataony – Les contestations de ce qu'est Jésus et de ce qu'Il fait

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny marary - *pour les malades*
- ho an'ireo vao namoy havana akaiky – *pour ceux qui viennent de perdre un proche*

Mba hanaikeny sy handraisany ny Fahefan'i Jesosy hanafaka sy hamelona azy – *Pour qu'ils acceptent et qu'ils réceptionnent l'Autorité de Jésus afin de les guérir et de leur donner la vie.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) FF 35, 1-2 : Ry Mpamonjiko, Ray malalako :

1. Ry Mpamonjiko, Ray Malalako, ou ou ou
Mifona Aminao ity zanakao, mitalaho Tompo ô.
Fa diso taminao izahay ka mangataka ou ou ou
Famelana sy famindram-po avy Aminao, Ray ô !

Fiverenana :

*Ry Tomponay ô, avia, omeo Anay izao anio izao
Ny fo madio sy Masina anananao.
Dia tsy ho very na hoe mbola ho diso ihany indray
Ny tena sy Fanahy izay anananay.*

2. Ry Mpamonjiko, Ray Malalako ou ou ou
Be tokoa ireo ota efa vita sy nambabo anay.
Ka angatahinay Aminao sy irinay koa ou ou ou
Famelana sy famindram-po avy Aminao, Ray ô !

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Mar. 2, 13-17 + Mar. 2, 18-22 + Mar. 3, 13-19 :

Mar. 2, 13-17 :

13 Ary lasa nandeha teny amoron-dranomasina indray i Jesosy, ary ny vahoaka rehetra nanatona Azy, ka dia nampianatra azy Izy. 14 Ary nony nandalo Izy, dia nahita an'i Levy,

zanak'i Alfeo, nipetraka teo am-pamorian-ketra, ka hoy Izy taminy : « Manaraha Ahy ». Dia nitsangana izy ka nanaraka Azy.

13 Jésus sortit de nouveau du côté du lac. Toute la foule venait à Lui et Il l'enseignait. 14 En passant, Il vit Lévi, fils d'Alphée, assis au bureau des taxes. Il lui dit : « Suis-Moi ». Lévi se leva et Le suivit.

15 Ary raha nipetraka nihinana tao an-tranony Izy, dia maro ny mpamory hetra sy ny mpanota no niara-nipetraka nihinana tamin'i Jesosy mbamin'ny mpianany, fa nisy maro tao, dia nanaraka Azy izy. 16 Ary ny mpanora-dalàna, izay isan'ny Fariseo, raha nahita fa niara-nipetraka nihinana tamin'ny mpanota sy ny mpamory hetra Izy, dia niteny tamin'ny mpianatra hoe : « Miara-mihinana sy misotro amin'ny mpamory hetra sy ny mpanota Izy » ! 17 Ary raha nahare izany i Jesosy, dia nanao taminy hoe : « Tsy ny finaritra no mila mpanao fanafody, fa ny marary. Tsy tonga hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota [mba hibebaka] ».

15 Comme Jésus était à table dans la maison de Lévi, beaucoup de collecteurs d'impôts et de pécheurs se mirent aussi à table avec Lui et avec ses disciples, car ils étaient nombreux à Le suivre. 16 Le voyant manger avec les collecteurs d'impôts et les pécheurs, les spécialistes de la Loi et les pharisiens dirent à ses disciples : « Pourquoi mange-t-Il avec les collecteurs d'impôts et les pécheurs » ? 17 Jésus, qui avait entendu, leur dit : « Ce ne sont pas les bien portants qui ont besoin de médecin, mais les malades. Je ne suis pas venu appeler des justes, mais des pécheurs, [à changer d'attitude] ».

Mar. 2, 18-22 :

18 Ary ny mpianatr'i Jaona sy ny Fariseo nifady hanina tamin'izany. Dia avy izy ka nanao tamin'i Jesosy hoe : « Nahoana ny mpianatr'i Jaona sy ny mpianatry ny Fariseo no mifady hanina, fa ny mpianatrao kosa tsy mba mifady » ? 19 Ary Jesosy niteny taminy hoe : « Mahay mifady va ny havan'ny mpampakatra raha mbola ao aminy ihany ny mpampakatra ? Raha mbola ao aminy ihany ny mpampakatra dia tsy mahay mifady izy. 20 Fa ho avy ny andro izay hanalana ny mpampakatra hiala ao aminy, ka amin'izany andro izany vao hifady izy. 21 Tsy misy olona manjaitra tapa-damba tsy mbola voalòna amin'ny lamba tonta : fa raha izany, ny vaovao izay natampina dia handrovitra ny tonta, ka hitatra ny triatra. 22 Ary tsy misy olona manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra tonta : fa raha izany, ny divay dia hahatriatra ny siny hoditra, ka dia samy ho very foana ny divay sy ny siny hoditra. Fa divay vaovao no ho ao anaty siny hoditra vaovao ».

18 Les disciples de Jean et les pharisiens jeûnaient. Ils vinrent dire à Jésus : « Pourquoi les disciples de Jean et ceux des pharisiens jeûnent-ils, tandis que tes disciples ne jeûnent pas » ? 19 Jésus leur répondit : « Les invités à la noce peuvent-ils jeûner pendant que le marié est avec eux ? Aussi longtemps que le marié est avec eux, ils ne peuvent pas jeûner. 20 Les jours viendront où le marié leur sera enlevé, et alors ils jeûneront durant ces jours-là. 21 Personne ne coud un morceau de tissu neuf sur un vieil habit, sinon la pièce neuve ajoutée arrache une partie du vieux, et la déchirure devient pire. 22 Et personne ne met du vin nouveau dans de vieilles outres, sinon les outres éclatent, le vin coule et les outres sont perdues; mais [il faut mettre] le vin nouveau dans des outres neuves ».

Mar. 3, 13-19 :

13 Ary niakatra teo an-tendrombohitra i Jesosy ka niantso izay tiany hankeo Aminy, dia nankeo aminy ireo. 14 Ary nanendry roa ambin'ny folo lahy lzy ho ao Aminy sy hirahiny hitori-teny 15 sady hanana fahefana hamoaka ny demonia. 16 Ary i Simona dia nomeny anarana hafa koa hoe *Petera*. 17 Ary i Jakoba, zanak'i Zebedio, sy i Jaona, rahalahin'i Jakoba : izy mirahalahy dia nomeny anarana hafa koa hoe *Boaneryjesy*, izany hoe Zana-baratra. 18 ary i Andrea sy i Filipo sy i Bartolomeo sy i Matio sy i Tomasy sy i Jakoba, zanak'i Alfeo, sy i Tadeo sy i Simona Kananeana 19 ary i Jodasy Iskariota, ilay namadika Azy.

13 Il monta ensuite sur la montagne. Il appela ceux qu'il voulait et ils vinrent vers Lui. 14 Il en établit douze [auxquels Il donna le nom d'apôtres,] pour qu'ils soient avec Lui, et pour les envoyer prêcher 15 avec le pouvoir [de guérir les maladies et] de chasser les démons. 16 [Voici les douze qu'il établit :] Simon, qu'il appela Pierre. 17 Jacques, fils de Zébédée, et Jean, frère de Jacques, auxquels il donna le nom de Boanergès, qui signifie « fils du tonnerre ». 18 André, Philippe, Barthélémy, Matthieu, Thomas, Jacques fils d'Alphée, Thaddée, Simon le Cananite, 19 et Judas l'Iscariot, celui qui trahit Jésus.

Fanamarihana 2 – Remarques 2 : fanoherana an'i Jesosy eo amin'ny fifadraisany amin'ny hafa –contestations de Jésus dans sa relation aux autres

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny ankohonana – *pour le foyer*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

Mba hialany amin'ny fifampitsarana ka hahitany ny Fitiavan'Andriamanitra ny olona rehetra – *Pour qu'ils arrêtent de se juger les uns les autres mais qu'ils prennent conscience de l'Amour de Dieu pour tous les êtres humains.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) FF33, 1-2 : Inty aho, Jeso :

1. Inty aho, Jeso : miantso ahy lanao
Na dia tsy mendrika e, manolo-tena izao.
lanao no nifidy : tsy haiko ny handà
Ity antso sarobidy, ry Tompo, mamelà
Ny heloko rehetra, diovy aho, havaozy
Ho olom-baovao, hanao ny Sitrakao
Ho mendrika tokoa ny Antsonao, Jeso.
2. Inty aho Jeso : miantso ahy lanao
Ny fahalemeko anie, ry Tompo, fantatrao.
lanao no nifidy sy izao maniraka ahy
Avy Aminao, Jeso, ny herin'ny fanahy
Ho entiko manao ny Asa atolotrao
Fa sarotra e ny dia, ry Tompo, manampia
Ho mendrika tokoa ny Antsonao, Jeso.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana

Teksta 3 – Texte 3 : Mar. 3, 20-35 :

20 Ary niditra tao an-trano Izy, dia niangona indray ny vahoaka, ka dia tsy nahazo nihinan-kanina akory Izy. 21 Ary ny havany, raha nandre, dia nivoaka hihazona Azy, fa hoy ireo : « Efa very saina Izy ».

20 Ils se rendirent à la maison et la foule se rassembla de nouveau, de sorte qu'ils ne pouvaient même pas prendre leur repas. 21 Lorsqu'ils l'apprirent, les membres de la famille de Jésus vinrent pour s'emparer de Lui, car ils disaient : « Il a perdu la raison ».

22 Ary ny mpanora-dalàna izay nidina avy tany Jerosalema dia nanao hoe : « Manana an'i Belzeboba Izy », sy hoe : « Ny lohan'ny demonia no amoahany ny demonia ».

23 Ary rehefa niantso ireo hankeo aminy Izy, dia nanao fanoharana taminy hoe :

« Hataon'i Satana ahoana no famoaka an'i Satana ? 24 Fa raha misy fanjakana miady an-trano, dia tsy haharitra izany fanjakana izany. 25 Ary raha misy mpiray trano miady an-trano, dia tsy haharitra izany mpiray trano izany. 26 Ary raha Satana no mitsangana hanohitra ny tenany ka miady an-trano, dia tsy haharitra izy, fa ho rava ny heriny.

27 Kanefa tsy misy olona afaka miditra ao an-tranon'ny mahery ka handroba ny entany, raha tsy afatony aloha ilay mahery, dia vao robainy ny ao an-tranony. 28 Lazaiko aminareo marina tokoa : Hahazo famelan-keloka ny zanak'olombelona amin'ny ota rehetra sy ny fitenenan-dratsy rehetra izay ataony, 29 fa izay miteny ratsy ny Fanahy Masina kosa dia tsy mahazo famelan-keloka mandrakizay, fa mendrika hohelohina ny amin'ny ota mandrakizay izy ». Izany no nolazainy 30 satria ny olona nanao hoe : « Azom-panahy maloto Izy ».

22 Les spécialistes de la Loi qui étaient descendus de Jérusalem disaient : « Il a en Lui Bézélzéboul, c'est par le prince des démons qu'il chasse les démons ». 23 Jésus les appela et leur dit sous forme de paraboles : « Comment Satan peut-il chasser Satan ? 24 Si un royaume est confronté à des luttes internes, ce royaume ne peut pas subsister. 25 Et si une famille est confrontée à des luttes internes, cette famille ne peut pas subsister. 26 Si donc Satan se dresse contre lui-même, s'il est divisé, il ne peut pas subsister, c'en est fini de lui. 27 Personne ne peut entrer dans la maison d'un homme fort et piller ses biens sans avoir d'abord attaché cet homme fort, alors seulement il pillera sa maison. 28 Je vous le dis en vérité, tous les péchés seront pardonnés aux hommes, ainsi que les blasphèmes qu'ils auront proférés, 29 mais celui qui blasphémera contre le Saint-Esprit n'obtiendra jamais de pardon : il mérite une condamnation éternelle ». 30 Jésus parla de cette manière parce qu'ils disaient : « Il a un esprit impur ».

31 Ary avy ny reniny mbamin'ny rahalahiny ka nijanona teo ala-trano, dia naniraka tao Aminy hiantso Azy. 32 Ary ny vahoaka nipetraka manodidina Azy ka nanao taminy hoe : « Indreo, ato ala-trano ny reninao sy ny rahalahinao mitady Anao ». 33 Ary Izy namaly azy ka nanao hoe : « Iza no reniko sy rahalahiko » ? 34 Ary nony nijery izay nipetraka manodidina Azy Izy, dia hoy Izy : « Indreo ny reniko sy ny rahalahiko ! 35 Fa na iza na iza no manao ny Sitrapon'Andriamanitra, dia izy no rahalahiko sy anabaviko ary reniko ».

31 Sa mère et ses frères arrivèrent donc. Ils se tenaient dehors et envoyèrent L'appeler. 32 La foule était assise autour de Lui, et on Lui dit : « Voici, ta mère et tes

frères [et sœurs] sont dehors et Te cherchent ». 33 Il répondit : « Qui est ma mère et qui sont mes frères » ? 34 Puis Il promena le regard sur ceux qui étaient assis tout autour de Lui et dit : « Voici ma mère et mes frères. 35 En effet, celui qui fait la Volonté de Dieu : celui-là est mon frère, ma sœur, ma mère ».

Fanamarihana 3 – Remarques 3 : fanoherana an'i Jesosy amin'ny fanahy – contestations de Jésus avec l'esprit

Vavaka any an-tokan-trano– Prière à la maison :

- ho an'ny Mpitandrina – *pour les Pasteurs*
- ho an'ny Mpitondra antsika – *pour nos dirigeants*

Mba handinihany tena ka hanaikeny ny Herin'ny Famonjen'i Jesosy – Pour qu'ils fassent leur introspection afin de reconnaître la Puissance du Salut de Jésus.

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) FF39, 1-2 : Faniriako :

1. Ray ô, mba faniriako, raha toa ka sitrakao
Ny handova lanitra dieny ety an-tany.
Kanefa tsy izaho irery fa ireo izay mino Anao
Hiaraka amiko hatrany hatrany.

Fiverenana :

*Endrey ny fiainanay anilan-dRay : ny Tompo iray, Fanahy iray
Iraisana avokoa ireo asa soa : Iray ny fo, iray ny loha
Ray ô, nahoana moa e, raha atomboka anio ?*

2. Ray ô, mba faniriako, raha toa ka sitrakao
Ny ho zanaka manoa, feno fahendrena.
Hilofy hatrany koa hamita ireo Asanao
Ka tsy hirehareha fa hanetry tena.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Mat. 16, 16-19 :

16 Ary namaly i Simona Petera ka nanao hoe : « Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona ».

16 Simon Pierre répondit : « Tu es le Messie, le Fils du Dieu vivant ».

17 Dia namaly i Jesosy ka nanao taminy hoe : « Sambatra ianao, ry Simona Bar-Jona, fa tsy nofo aman-dra no naneho anao izany, fa ny Raiko izay any an-danitra. 18 Ary izaho milaza aminao koa : 'ianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako, ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy. 19 Homeko anao ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny Lanitra. Ka na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra, ary na inona na inona vahanao ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra' ». Amen !

17 Jésus reprit la parole et lui dit : « Tu es heureux, Simon, fils de Jonas, car ce n'est pas une pensée humaine qui t'a révélé cela, mais c'est mon Père céleste. 18 Et Moi, Je te dis que tu es Pierre et que sur ce rocher, Je construirai mon Eglise, et les portes du séjour des morts ne l'emporteront pas sur elle. 19 Je te donnerai les clés du Royaume des Cieux : ce que tu lieras sur la terre aura été lié au ciel et ce que tu délieras sur la terre aura été délié au ciel ». Amen !

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.
Et ne nous soumets pas à la tentation mais délivre-nous du mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !
Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !
Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !
Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !
Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !
Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana.
Isaorana anie Andriamanitra. Amen ! *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendue à Dieu. Amen !*